

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY FAMPIRAISANA : ASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIANGONANA araka ny 1Korintiana.

NY FAMPIRAISANA: ASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIANGONANA

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon,
Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans,
Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne,
Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

NY FAMPIRAISANA : ASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIANGONANA

araka ny 1Korintiana.

•I. FAMPIDIRANA.

•II. NY FANAHY MASINA SY NY ASANY.

- 1. Ny Fanahy Masina no mampanaiky ny amin'ny maha-Tompo an'i Kristy.**
- 2. Ny Fanahy Masina no manao ny olona ho samihafa noho ny fanompoana.**
- 3. Ny Fanahy Masina no mampiray ny mino ka mahatonga azy ho vatana token'i Kristy.**

•III. NY TOERAN'NY FITIAVANA.

- 1. Ny fitiavana no lehibe indrindra.**
- 2. Hery monina sy miasa ao amin'ny mino sy ny Fiangonana ny fitiavana.**
- 3. Mandrava ny asa fampisarahana rehetra ny fitiavana.**

•IV. FEHINY.

- **I. FAMPIDIRANA :**

- **Ny fehendren'olombelona dia mampizarazara ;**

- na dia manana endrika mampiray aza izy, dia mampiray ny ankolafiny, ny antokony, ny ao anaty sokajy, fa mampizarazara ny Fiangonana kosa (1.12)

- **Ny fahendren'Andriamanitra kosa dia mampiray sy mandrava ny efitra mampisaraka rehetra eo anivon'ny mpino,**

- na dia tsy mandresy lahatra sy mahataona ny rehetra aza (2.4a ; 12.4-7, 10-11) cf. 1.20, 29.

- **NY FAMPIRAISANA: ASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIANGONANA**

- **II. NY FANAHY MASINA SY NY ASANY** (araka ny 1Korintiana)
- **1. Ny Fanahy Masina no mampanaiky ny amin'ny maha-Tompo an'i Kristy.**
- *" Koa mampahafantatra anareo aho fa tsy misy olona ampitenenin' ny Fanahin' Andriamanitra ka manao hoe: Voaozona Jesosy; ary tsy misy mahay manaiky hoe: Jesosy no Tompo, raha tsy amin' ny Fanahy Masina." (12.3)*
- Ny Fanahy Masina no maha-marina (*authentique*) ny finoana ao anatin'ny olona, ary mahatonga azy hanaiky ny fiandrianan'i Kristy (manaiky hotapahiny) ka hanompoany Azy marina tokoa cf. Mat.7.21.

- **NY FAMPIRAISANA: ASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIANGONANA**

- **II. NY FANAHY MASINA SY NY ASANY** (araka ny 1Korintiana)
- **2. Ny Fanahy Masina no manao ny olona ho samihafa noho ny fanompoana.**
- *"Zarazaraina ho samihafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samihafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samihafa ny asa, nefa iray ihany Andriamanitra, Izay miasa ny zavatra rehetra amin' ny olona rehetra. Ary ny tsirairay dia samy nomen'ny Fanahy hahay mampiseho ny fanomezam-pahasoavana hahasoana ny rehetra."* (12.4-7)
- Marihina izany fa tsy natao ho an'ny tena ny fanomezam-pahasoavana fa natao haseho na hiainana na hiasana hahasoana ny rehetra ; io no atao hoe fanompoana na asa fanompoana (*service ou ministère*) cf. Ef.4.11-16
 - a) Ny Fanahy Masina tao amin'ny fiandrianany (*souveraineté*) no manome ho an'ny tsirairay ny fanomezam-pahasoavana (marihina fa araka izany dia tsy fahamendrehana no hahazoana azy) (12.11).
 - b) Io fanomezam-pahasoavana io dia mifamatotra amin'ny *plan*'Andriamanitra ho an'ny tsirairay sy ho an'ny Fiangonana. Io fifamatorana io no atao hoe fiantsoana (*vocation*).

- **II. NY FANAHY MASINA SY NY ASANY** (araka ny 1Korintiana)
- **3. Ny Fanahy Masina no mampiray ny mino ka mahatonga azy ho vatana tokan'i Kristy.**
- *" Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-batisa antsika rehetra ho tena iray ...; ary isika rehetra dia efa nampisotroina ny Fanahy iray." (12.13)*
- Io fampiraisana io dia tsy asan'olombelona, fa asan'Andriamanitra izay ataony amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay miasa ao amin'ny voaantso. 12.5-6 cf. Ef.2.10
- Ef.4.3 *" Mazotoa mitana ny firaisana avy amin' ny Fanahy amin' ny fehim-pihavanana." I Paoly tsy miteny hoe : ampiraiso ny Fiangonana, tahaka ny hoe asantsika ny fampiraisana. Ny firaisana dia avy amin'ny Fanahy Masina, fa ny anjaran'ny mpino dia ny mandray izany aloha, ary mihazona sy mampiseho azy (fehim-pihavanana).*
 - a) *Tsy tokony hisy fisarahana (hita maso sy tsy hita maso) eo amin'ny tena fa mifampiahy : " Ary ny maso tsy mahazo manao amin' ny tanana hoe: Tsy mila anao aho; ary indray, ny loha tsy mahazo manao amin' ny tongotra hoe: Tsy mila anareo aho. Fa mainka ilaintsika aza ny momba ny tena izay atao ho malemitemy kokoa noho ny sasany. Ary ny momba ny tena izay ataontsika ho kely voninahitra kokoa dia tafiantsika voninahitra bebe kokoa; ary izay tsy misy haja amin' ny momba ny tenantsika*



- **NY FAMPIRAISANA: ASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIANGONANA**

- **II. NY FANAHY MASINA SY NY ASANY (araka ny 1Korintiana)**
- **3. Ny Fanahy Masina no mampiray ny mino ka mahatonga azy ho vatana token'i Kristy.**
 - a) *...no hajaintsika kokoa; fa tsy mila izany ny efa misy haja rahateo amin' ny momba ny tenantsika. Fa tamin' ny nanamboaran' Andriamanitra ny tena, dia izay kely voninahitra no nomeny voninahitra bebe kokoa, mba tsy hisy fisarahana eo amin' ny tena, fa mba hifampiahy ny momba ny tena rehetra. Ary raha mijaly ny anankiray amin' ny momba ny tena, dia miara-mijaly avokoa izay rehetra momba ny tena; fa raha omem-boninahitra kosa ny anankiray amin' ny momba ny tena, dia miara-mifaly avokoa izay rehetra momba ny tena. Ary hianareo no tenan' i Kristy, ka samy momba ny tenany avokoa araka ny anjaranareo avy." (12.21-27)*
 - Zava-dehibe araka izany ny fanetren-tena, izany hoe ny fanomezana lanja ambony ny hafa noho ny tena : " *Eny, samia misikina fanetren-tena hianareo ka mifanompoa; fa "Andriamanitra manohitra ny miavonavona, fa manome fahasoavana ho an' ny manetry tena".*" (1Pet.5.5b cf. Jak.4.5-6)

- **II. NY FANAHY MASINA SY NY ASANY** (araka ny 1Korintiana)
- **3. Ny Fanahy Masina no mampiray ny mino ka mahatonga azy ho vatana tokan'i Kristy.**
- **b** Ny asa fanompoan'ny Teny (*ministère de la Parole*) dia fototra mampiorina tsara ny asa fanompoana hafa rehetra sy mampitao ny mpanompo hafa rehetra : " *Ary Andriamanitra efa nanendry ny sasany teo amin' ny fiangonana, voalohany Apostoly, faharoa mpaminany, fahatelo mpampianatra, manaraka izany dia ...*" (12.28 cf. Ef.4.11-12)
- **d)** Ny vatana dia miray amin'i Kristy amin'ny firaisana am-panahy izay Izy Tompo mihitsy no miantoka izany (Asa 9.4 cf. Mat.16.19 ; 18.17-18)

- **NY FAMPIRAISANA: ASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIANGONANA**

- **III. NY TOERAN'NY FITIAVANA**

- *" Nefa maniria fatratra ny fanomezam-pahasoavana lehibe indrindra; ary, indro, izay làlana tsara indrindra no atoroko anareo." (12.31)*

Misy zoro maro entin'ny mpandinika mandray ny hevitr'io andalan-tenin'i Paoly io. Ny hotanantsika dia ireto :

- a) Fanomezana avy amin'ny Fanahy Masina, raisina noho ny firaisana na fandraisana an'i Kristy ao am-po (anaty) ny fitiavana.
- b) Tsy fanomezam-pahasoavana izy, raha toa ka ekena fa ny fanomezam-pahasoavana dia manokana, samihafa.

- **NY FAMPIRAISANA: ASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIANGONANA**

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

• III. NY TOERAN'NY FITIAVANA

d) Ny fanomezana ambony indrindra lazaina eto (*les plus grands, les meilleurs, les plus importants, etc...*) dia tsy hoe : misy ambony na ambany ny fanomezam-pahasoavana, fa ny fanomezam-pahasoavana tsara sy ambony dia izay mikendry ny hampandroso ny hafa sy ny Fiangonana.

e) Raha izany dia azo lazaina fa fanomezana avy amin'ny Fanahy Masina hoentina miaina sy manatanteraka tsara ny fanompoam-pahasoavana na ny fiantsoana (izay samy manana ny azy) ny fitiavana. Izany no maha làlana tsara ho amin'ny fanompoana tsara azy. Raha natao ho samihafa ny fanomezam-pahasoavana ka tsy mampitovy ny rehetra, ny fitiavana kosa dia nomena ny rehetra. Raha adika amin'ny fomba hafa io andininy faha 31 io dia izao no azo andikana azy : *Maniria fatratra ireo fanomezam-pahasoavana mampandroso ny hafa sy ny Fiangonana ; ary indro atoroko anareo ny làlana tsara indrindra hahazoanareo manompo amin'ny alalan'izany : dia ny FITIAVANA.*

- **III. NY TOERAN'NY FITIAVANA**

- 1. Ny fitiavana no lehibe indrindra (13.13d).

- Voalazan'ny Baiboly fa *"Andriamanitra dia fitiavana."* (1Jao.4.8,16), *"avy amin' Andriamanitra ny fitiavana ary Izay rehetra tia no ... mahalala an' Andriamanitra."* (1Jao.4.7b)

- Ny fitiavana izany dia sady Andriamanitra, no avy amin'Andriamanitra, ka raisintsika amin'ny firaisana Aminy (*"mahalala an'Andriamanitra"*). Ambaran'i Paoly Apostoly fa ny fitiavana no fahatanterahana ny lalàna (Rom.13.10b) sady fehin'ny fahatanterahana (Kol.3.14b). Ary ny fitiavana dia nambaran'ny Tompo fa fehin'ny lalàna rehetra : fitiavana an'Andriamanitra sy fitiavana ny namana (Mat.22.37-40).

- **NY FAMPIRAISANA: ASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIANGONANA**

- **III. NY TOERAN'NY FITIAVANA**

- **2. Hery monina sy miasa ao amin'ny mino sy ny Fiangonana izy ka mahatonga azy :**

- a) miteny amin'ny fitiavana (13.1)

- b) mampiasa ny talenta sy ny fahaizana ary ny toe-panahy amin'ny fitiavana (13.2)

- d) hanao zavatra rehetra amin'ny tosiiky ny fitiavana (*motivé par l'amour*) (13.3)

-

- **3. Mandrava ny asa fampisarahana rehetra ny fitiavana :**

- a) tsy faharetana (13.4)

- b) fo sarotiny (13.4)

- **III. NY TOERAN'NY FITIAVANA**

- **3. Mandrava ny asa fampisarahana rehetra ny fitiavana :**

- d) fialonana (13.4)
- e) fireharehana, avonavona, fihamboana, (13.4)
- f) fanambaniana ny hafa (13.4)
- g) fanaovana zavatra mahamenatra eo anatrehan'Andriamanitra sy ny olona (13.5)
- h) fitadiavana tombon-tsoa (13.5)
- i) fahamorana sosotra (13.5)

- **NY FAMPIRAISANA: ASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIANGONANA**

- **III. NY TOERAN'NY FITIAVANA**

- **3. Mandrava ny asa fampisarahana rehetra ny fitiavana :**

- j) lolom-po : raha misy mahasosotra dia tsy mitahiry fahatezerana (13.5) tahaka ny Tompo : Sal.103.9
- k) fifaliana amin'ny tsy fahamarinana (3.6 cf. Rom.6.13 ; Ef.4.24 ; 2Tim.2.22b ; Jak.3.18)
- l) tsy fandeferana (13.7 cf. 6.7, Tit.3.2) ; matoky ny fitsaràn'Andriamanitra (Is.11.4), sy ny famaliany (Rom.12.19 ; Heb.10.30)
- m) tsy finoana (13.7 cf. Ef.3.20)
- n) tsy fananana fanatenana (13.7 cf. Rom.8.24)
- o) tsy faharetana (13.7 cf. Rom.8.25)

- **IV. FEHINY :**

"Izay rehetra ataonareo dia ataovy amin' ny fitiavana." (16.14)

- Ny Fanahy Masina mitoetra sy miasa ao anatin'ny olona izay voafahana tsara amin'ny tenin'Andriamanitra, no manosika azy, noho ny fitiavana omena ny rehetra, mba hanompo araka ny fanomezam-pahasoavana nomena azy manokana, ho fampan-drosoana ny daholobe na ny Fiangonana, izay vatana tokan'i Kristy, miseho ho tena iray.
- Ny nofo sy izao tontolo izao ary ny devoly (mpampisaraka no heviny) kosa no manosika ny olona hanava-tena, hisongadina, hihambo, hiavonavona, hiolonolona, hisekoseko na hisehoseho, ka manana fo sy saina manavakavaka, ary fihetsika mampisaraka.
- **NY FAMPIRAISANA: ASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIANGONANA**

- **IV. FEHINY :**

"Izay rehetra ataonareo dia ataovy amin' ny fitiavana." (16.14)

- Hoy ny Soratra Masina : ***"Aza mamono ny Fanahy."*** (1Tes.5.19),
- fa ***"vonoy kosa ny momba ny tenanareo izay etỳ an-tany... Fa ankehitriny, esory koa izao rehetra izao, dia fahatezerana, fiafonafonana, lolompo, fitenenan-dratsy, teny mahamenatra avy amin' ny vavanareo..."***
- Koa ***mitafia*** famindrampo sy fiantrana, fahamoram-panahy, fanetren-tena, fahalememp-panahy, fandeferana, araka ny olom-boafidin' Andriamanitra sady masina no malala. Mifandefera, ka mifamelà heloka hianareo, raha misy manana alahelo amin' ny sasany; tahaka ny namelan' ny Tompo ny helokareo no aoka mba hamelanareo heloka kosa. Ary aoka ho ambonin' izany rehetra izany ***ny fitiavana***, fa ***fehin' ny fahatanterahana*** izany. Ary aoka hanapaka ao am-ponareo ***ny fiadanan' i Kristy***, fa ho amin' izany ***no niantsoana anareo ho tena iray***; ary aoka ho feno fisaorana hianareo." (Kol.3.5, 8, 12-15)